EXHIBIT B: Authorization Form / Taratasy Fanomezan-dàlana

I (interviewee), _____, have provided (1) the information in the pedigree chart and accompanying audio/video recording ("Recording") and (2) original records and photographs ("Original Records") and digital images ("Digital Images") of the same (the Recording, Original Records, and Digital Images are collectively referred to as the "Pedigree"). The information I have provided is accurate to the best of my knowledge.	Izaho, (olona nohadihadiana),_____ dia manaiky tokoa fa nanome (1) ireo mombamomba hita ao anatiny fafana mikasika ny tetiarana, ireo firaketana am-peo/ horonan-tsary (« Firaketana»),(2) ireo firaketana orizinaly sy sary (« Firaketana Orizinaly ») ary ireo sary nomerika (« Sary Nomerika ») mifanaraka amin'izy ireo (ny Firaketana, ireo Firaketana Orizinaly ary ireo Sary Nomerika dia ho antsoina oe « Pedigree » avokoa). Amiko dia marina avokoa ireo tahirin-kevitra izay nampitaiko ireo.
1. I represent and warrant that I have been informed of and understand the purposes for which FamilySearch International ("FSI") is collecting the Pedigree and the information therein, which purposes ("Purposes") include preservation, publication, facilitating access, promoting family connections and understanding, and advancing and facilitating genealogical and family history research.	1. Izaho dia manambara sy manome toky fa nampafantarina ahy ary mahalala ny tanjon'ny FamilySearch International (« FSI ») ny amin'ny fanangonany ireo Pedigree sy ny tahirin-kevitra izay ao anatiny aho. Ireo tanjona (« Tanjona ») ao anatin'izany dia: ny fitehirizana, ny famoahana, ny fanamorana ny fisantarana, ny fanamafisana ny fifamatoran'ny fianakaviana ; ary ny fahatakarana, ny fandrosoana sy ny fanamorana ny fikarohana tetiarana sy tantaram-pianakaviana.
2. I have authorized the creation and use of my image and voice in the Recording, the digital copying of the Original Records, and the creation of the Digital Images. I acknowledge and agree that I will not receive any compensation for any rights or licenses granted or for any grant of additional rights.	2. Izaho dia nanome alalana ny amin'ny famoronana sy fampiasana ny sariko sy ny feoko izay ao anaty firaketana, ao anaty ny kopia nomerikan'ireo Firaketana Orizinaly ary ireo famoronana ireo Sary Nomerika. Mihaiky ary manaiky aho fa tsy handray onitra/tombontsoa ara-bola izay avy amin'ny zo na fahazoan-dàlana nomena, na ny zo rehetra izay mety haterany.
3. I hereby grant to FSI a royalty-free, irrevocable, worldwide, non-exclusive, transferable license to publish, reproduce, modify, adapt, translate, create derivative works from (including electronic indices), distribute, perform, display, and use the Pedigree, or any part thereof or information therein, perpetually and on a definitive basis, for any lawful purpose, without limitation, including publication or exhibition on the internet for full public access so that FSI and its users, licensees, successors, assigns, and affiliated entities can access and download for genealogical research purposes.	3. Izaho dia manome an'i FSI ny fahazoan-dàlana maimaim-poana , tsy azo ivalozana, maneran-tany, azo hafindra, mba hamoahany, hamokarany, hanovany, hampifanarahany, handikany, hamoronany sangan'asa (ao anatin'izany ny "index" elektronika), hizarany, hampiasany ary hanehoany ny Pedigree, na ny ampahany aminy, na ireo tahirin-kevitra ao anatiny , amin'ny fomba maharitra sy ho an'ny tanjona ara-dalàna, tsy misy fetra, ao anatin'izany ny famoahana na fandefasana amin'ny Aterineto ho hita ampahibemaso, mba ahafahan'ny FSI sy ny mpampiasa azy, na ny mpahazo alalàna, na ny mpandimby azy,na ireo manan-jo sy ireo fikambanana mifamatotra aminy misantatra sy mahazo ireo ho an'ny fikarohana tetiarana.
4. I represent and warrant that, for any personal identifying information that I have provided about persons other than myself that are still living ("Third Parties"), I have obtained informed consent from them to disclose that information to FSI and to the use of information for the Purposes. I further represent and warrant that the Original Records were legitimately acquired by me, are original records, and do not infringe third-party rights.	4. Izaho dia manambara sy manome toky fa, ny angona famatarana manokana izay nampitaiko momba ireo olona hafa ankoatran'ny tenako izay mbola velona (« Ankolafy Fahatelo »), dia nahazoako alàlana mazava avy amin'izy ireo avokoa mba ahafahana mamoaka ireo tahirin-kevitra ho an'i FSI ary mba ahafahana mampiasa ireo tahirin-kevitra ireo ho amin'ny Tanjona natokana ho an'izany. Ho fanampin'izay dia manambara sy manome antoka ihany koa aho fa ireo Firaketana Orizinaly izay azoko ara-dalana dia Firaketana tany am-boalohany ary tsy mandika ny zon'ny hafa.
5. I hereby grant permission to FSI to collect, maintain and transfer to the USA (or any other country that may have less stringent data privacy laws than my country) the Pedigree and all information therein. I consent to this collection, use, processing, disclosure, and transfer of personal identifying information for the Purposes and to FSI's retention of such for as long as necessary to meet the Purposes.	5. Izaho dia manome alalana ny FSI hanangona, hitantana ary handefa ho any Etazonia (na any amin'ny firenena hafa izay tsy manana lalàna hentitra kokoa mikasika ny tsiambaratelo noho ny lalàna ento amin'ny firenena misy ahy) ny Pedigree sy izay tahirin-kevitra rehetra izay misy ao anatiny. Manaiky aho ny hanangonana, ny hampiasaina, ny fikirakirana, ny hamoahana ary ny handefasana ireo angona famantarana manokana mifandraika amin'ny Tanjona sy amin'ny fomba fitahirizan'ny FSI azy mandritra ny fotoana rehetra ilaina hanantanterahina ireo Tanjona ireo
6. I represent and warrant that I have the necessary authority, power, and licenses to agree to and grant to FSI all rights, licenses, and authorities set forth herein, including, without limitation, those described in paragraph 3.	6. Izaho dia manambara ary manome toky fa manana ny fahefana, fahazoan-dàlana ilaina hanekena sy hanomezana an'I FSI ny zo, ny fahazoan-dàlana rehetra izay voatanisa eto, sy ireo rehetra voatanisa ao amin'ny andalana faha-telo.
7. I represent and warrant that the contents of this form have been clearly and accurately explained to me in a language that I understand and that I fully comprehend them. I understand that I may seek information regarding rights in and access to information, including the right to withdraw consent to process personal information, through FSI at dataprivacyofficer@familysearch.org.	7. Izaho dia manambara ary manome toky fa ny vontoatin'ity taratasy ity dia nohazavaina tamiko tamin'ny fiteny haiko ary azoko tsara. Fantatro tokoa fa azoko hatao ny mikaroka ireo tahirin-kevitra momba ny zon'ny fampahalalana , anisan'izany ny zo hanaisotra ny fanekeko amin'ny fikirakirana ny mombamomba ny tenako manokana, amin'ny alalan'ny FSI ao amin'ny dataprivacyofficer@familysearch.org.

_____

(Interviewee Signature and Date / Sonian'ny olona nohadihadiana sy Daty)

_____

(Vavolombelona famantarana manokana)

if the Interviewee cannot sign, have him or her place an 'X' or any personal mark above and have someone present sign above as a witness to that mark.

Raha tsy afaka manao sonia ilay nohadihadiana dia asaivo manisy marika "X" na marika manokana eo ambony ary mangalà olona iray ho vavolombelona hanatrika sy hanasonia izany marika izany

_____

(Interpreter Signature / Sonia ny Mpandika teny)

If the Interviewee cannot read or understand the form, have the person who interpreted sign above.

Raha tsy afaka mamaky na mahazo ny votoatin'ity taratasy ity ilay olona nohadihadiana dia asaina manao sonia eo ambony ilay olona nandika teny.